

Ny tena endrik'ireo toetra roa ao anatintsika

Jean-Claude Kouassit



Bibles et Publications Chrétienues

30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Fizahan-takila >

ISBN : 978-2-87907-381-1

Le vrai visage de nos deux natures

En couverture, Madelein, photo © Paul Jacquin

Fampidirana	5
1. INONA NO ATAO HOE OTA ARY INONA NO ATAO HOE FAHOTANA ?	8
1. Inona moa ny ota ?	8
2. Inona no atao hoe fahotana ?	11
2. NY FISIANA TOETRA ROA AO ANATIN'NY KRISTIANA	13
1. Ny toetra nolovaina avy amin'i Adama, vokatry ny fahaterahana ara-nofo	13
2. Ny toetra vaovao, vokatry ny fahateraham-baovao	20
3. NY FIFANDONAN'IREO TOETRA ROA SY NY FAHAKIVIAN'NY FANAHY	21
4. NY FANAFAHANA AMIN'NY OTA	26
Fehiny	38

Fampidirana

Hitarika antsika avy hatrany hibanjina ny asa nataon'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana, ny firesahana mikasika ny fanafahana amin'ny ota. Tsy ho ampy mihitsy ny firesahana ny amin'io asa nataon'i Kristy io, noho ireto lanja anankiroa ireto: ara-tantara sy ankehitriny. Tandra vadin-koditra amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona ny asa vita teo amin'ny hazofijaliana. Maneho fitsarana sy fanamelohana izany ho an'ny sasany, fa fanafahana sy fidirana ho amina tontolo vaovao kosa ho an'ny hafa.

Mbola adidintsika mandraka ankehitriny ny hibanjina amim-panetren-tena ny hazofijaliana, satria eo no miboiboika ny loharano tsy mety ritran'ny atao hoe fahamarinana. Nahatontosa asa anankiray, izay namela dindo tsy ho voakosoka mandraka ankehitriny, i Kristy, Ilay Fahamarinana. Indrisy anefa, mbola gejain'ny fitsiriritana, fehezin'ny herin'ny maizina, ary fatoran'ny ota sy ny forongony ihany ilay Vatosoan'Andriamanitra, dia ny Fiangonana, izay manana an'i Kristy ho Loha.

Ndeha isika samy hanokatra ny masontsika, ka hahita ny toe-javatra mahonena misy eo amin'ny tontolon'ny kristiana: mbola ao dia ao tokoa ny ota; manjaka ao amin'ny sasantsasany amin'ireo

kristiana izy, eny fa na efa nateraka indray aza izy ireny. Firifiry amin'ireo kristiana ankehitriny moa no tsy nandalo tamin'ny fibabohan-keloka vao nanana fiombonana feno indray tamin' Andriamanitra! Kristiana an'alinaliny no sahirantsaina, torovana sy ana. Tsy mahita fitsaharana ny maro. Matetika isika, dia isika izay nantsoina hanana fiainana be dia be, no mampiseho zavatra mampalahelo eo amin'ny fiainantsika. Mahita fanafintohinana ombieny ombieny isika eny anivon'ireo fiombonana kristiana. Minia manota isika satria resin'ny ota. Manjaka ao anatintsika ny tsy firaharahana, ny fanaovan-javatra tsy amim-piheverana, manginy fotsiny ny tsy fahaizantsika intsony manavaka ny izy sy ny tsy izy, ny tokony sy ny tsy tokony hatao, miha mahazo laka ny famaritana ny tsara ho ratsy, ary ny ratsy ho tsara. Na mbola mitoetra hatrany aza ilay antson' Andriamanitra ho amin'ny fahamasinana, dia tena sarotra be amin'ny ankamaroan'ny kristiana ny hanoina izany.

Ka inona àry no hatao? Aiza no hahitana ny vahaolana, eny fa na efa eo aza ny fitondrana ambavaka; ary na efa eo ihany koa aza ireo hafatra manan-kery sy kanto loatra torina ho fanaingana ny kristiana hiala amin'ny ota?

Ireto zavatra efa ita ireto no hovelabelarintsika ao anatin'izao fitrandrahana tsotsotra izao:

1. Inona no atao hoe ota, ary inona no atao hoe fahotana?

2. Ny fisiana toetra roa ao anatin'ny kristiana,

3. Ny fifandonan'ireo toetra roa sy ny fahakivian'ny fanahy,

4. Ny fanafahana amin'ny ota.

1. INONA NO ATAO HOE OTA ARY INONA NO ATAO HOE FAHOTANA?

« Raha hoy isika : tsy manana ota isika, dia mamita-tena, ary ny marina tsy ao anatintsika. Raha miaiky ny fahotantsika isika dia mahatoky sy marina lzy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra »¹

1. Inona moa ny ota?

Tsara sy tonga lafatra ny asa rehetra nataon'ny tanan'Andriamanitra Mpahary: « *Ary hitan' Andriamanitra izay rehetra nataony, ary indro tsara indrindra izany* »². Tsy nisy ota tao amin'ilay olombelona noarina araka ny endrik' Andriamanitra. Nametraka didy anankiray Andriamanitra ho fitsapana ny fanaovandraolombelona am-po, na tsia, ny andraikitra nankinina taminy. Azy ny fitantanana ny voary. Hoy anefa ny didy napetrany: « *Fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana fa amin'ny andro izay hihinananao azy dia ho faty tokoa ianao* »³. Ny fandikana an'io didy io no naha meloka ny olombelona teo imason' Andriamanitra. Tonga mpanota izy: « *Koa izany*

1. 1 Jaona 1. 8-9 • 2. Genesisy 1. 31 • 3. Genesisy 2. 17

*dia tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra »⁴. Ny ota no nanapaka an'ilay fifandraisana tamin-kalalahana sy feno fifaliana nisy teo amin'Andriamanitra sy ny olona: « *Nandre Anao tao amin'ny saha aho; dia natahotra aho, satria mitanjaka, ka dia niery »⁵. Tsy maintsy tanteraka izay nambaran' Andriamanitra; tsy maintsy handia fahafatesana ny olona; voaroaka tao amin'ny saha Edena izy. Ny fahotan'i Adama no nahatonga ny taranany rehetra ho taranaka mpanota: « *Koa tahaka ny nahatongavan'ny fanamelohana ho an'ny olona rehetra noho ny fahadisoana iray... Tahaka ny nanaovana ny maro ho mpanota noho ny tsy fanarahan'ny olona iray »⁶.***

Tany aloha elabe, fony tsy mbola nomena akory ny lalàna, no efa anjara ho an'ny olombelona rehetra ny ota sy ny fahafatesana. Tsy hafa akory ny fahafatesana fa vokatra entin'ny ota (« *Fa fahafatesana no tambin'ny ota »⁷»). Mpanota izy, eny fa na tsy miseho mivantana amin'ny alalan'ny fandikana didy*

4. Romana 5. 12 • 5. Genesisy 3. 10 • 6. Romana 5. 18, 19 • 7. Romana 6. 23

anankiray aza izany: « *Fa ny fahafatesana nanjaka hatramin'i Adama ka hatramin'i Mosesy, na dia tamin'izay tsy nanota tahaka ny nanotan'i Adama aza* »⁸.

Nomena ny lalàna taty aoriana mba hampiharihary ny ota. Mainka niha nihombo ny ota rehefa nomena ny lalàna. Tonga fandikana mibaribary ny didy anankiray nosoratana mazava mantsy izany: « *Ka dia masina tokoa ny lalàna, ary masina ny didy sady marina no tsara. Koa ny tsara va no nahafaty ahy? Sanatria izany! Fa ny ota no nahafaty ahy, mba hiseho ho ota; fa ny tsara no nentiny nahafaty ahy, mba ho tonga ota indrindra ny ota noho ny nataon'ny lalàna* »⁹.

Tonga hery ratsy ao anaty izay mitondra voa ny ota, araka izany, eny fa na tsy misy lalàna aza. Hetsika entanin'ny sitrapo manokana tsy misy ifandraisany amin'Andriamanitra izy io: « *Samy efa nivily ho amin'ny lalantsika avy isika rehetra* »¹⁰.

Noho izany, ny ota dia miseho:

– na tsy misy lalàna: « *Izay rehetra manota no mandika ny lalàna; fa ny ota no fandikana ny lalàna* »¹¹.

8. Romana 5. 14 • 9. Romana 7. 12, 13 • 10. Isaia 53. 6 • 11. 1 Jaona 3. 4

– na eo ambanin’ny lalàna, fandikan-dalàna izy amin’izay fotoana izay: « *Mpandika ny lalàna... ianao* »¹².

Ry mpamaky, fantaro fa mitarika ho amin’ny fitsarana ny ota: « *Fa izay nanota tsy nanana ny lalàna dia ho very tsy manana ny lalàna; fa izay nanota nanana ny lalàna kosa dia hotsaraina araka ny lalàna* »¹³.

Io maha tarazo azy io no tsy maintsy ijerentsika ny olan’ny ota manomboka izao. Raha tamin’ny alalan’ny fahadisoana iray monja mantsy no nahameloka ny olombelona rehetra tsy ankanavaka, dia tsy maintsy ekentsika ny fahamarinana manao hoe: « *Raha hoy isika: Tsy manana ota isika, dia mamita-tena ary ny marina tsy ato anatintsika* »¹⁴. Niaiky izany fahamarinana izany ny apôstôly Paoly tamin’ny fotoanandrony, ka hoy indrindra ny filazany: «... *ny ota izay mitoetra ato anatiko* »¹⁵.

2. Inona no atao hoe « fahotana »?

Tsy inona akory ny fahotana fa voa vokarin’ilay hery teraka tao anatintsika, izany hoe voa entin’ny ota. Mba hampahazava azy kokoa dia raiso ho toy ny hoe foto-kazo anankiray ny ota,

12. Romana 2. 25 • 13. Romana 2. 12 • 14. 1 Jaona 1. 8 • 15. Romana 7. 20

ary ny voa entin'io hazo io kosa no atao hoe fahotana. Voa entin'ny ota ny fahotana, voa vokarin'ilay toetra maha mpanota nolovaintsika tamin'i Adama izy. Izany indrindra no tokony hahatsiarovantsika mandrakariva fa: « *Raha miaiky ny fahotantsika isika dia mahatoky sy marina lzy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra* »¹⁶.

2. NY FISIANA TOETRA ROA AO ANATIN'NY KRISTIANA

1. Ny toetra nolovaina tamin'i Adama, vokatry ny fahaterahana ara-nofo

«Indro tamin'ny heloka no niterahana ahy, ary tamin'ny fahotana no torontoronina ahy ny reniko »¹⁷.

I Davida no nilaza izany teny izany, raha tonga tany aminy i Natana taorian'ny nakany an'i Batseba. Tsapan'i Davida tokoa, ary tsy asiany fisalasalana kely akory, fa mpanota hatrany ankibon-dreniny izy. Fantany fa tao amin-dreniny ilay toetra maha mpanota, izany hoe mbola mpanota ihany koa na io reniny io aza. Efa nilaza rahateo moa i Kristy fa : *« Izay ateraky ny nofo dia nofo »¹⁸.*

Ahoana no iantsoan'ny Soratra Masina an'io toetra nolovaina tamin'i Adama io?

Antsoin'i Paoly hoe toetra taloha izy, na ilay maha olona taloha (DIEM), ao amin'ny Romana 6. 6

Antsoiny hoe ota izy ao amin'ny Romana 7. 20

Antsoiny hoe nofo izy ao amin'ny Romana 7. 18

17. Salamo 51. 5 • 18. Jaona 3. 6

Aoka tsy hafangarontsika ireo zavatra roa samy hafa izay samy tondroina amin'ny hoe nofo, rehefa milaza azy io ny Baiboly:

– teny anondroana ny tena izy io, na ny vatana: «... *Ilay naseho tao amin'ny nofo (Andriamanitra)* »¹⁹.

– teny enti-manondro an'ilay toetra ratsy ao anatin'ny olona ihany koa izy. Anondroana an'ilay toetra lavo tafin'ny taranak'i Adama rehetra (anisan'izany isika) vokatry ny fanapoizinan'ny ota mitoetra ao anaty. Io ota io no loharano ipoiran'ireo asa ratsy rehetra ataon'ny olona.

Mariho tsara fa tsy misy tsara mitoetra ao amin'io toetra taloha io, na kely aza. Mandrafy an'Andriamanitra izy. Tsy manaiky ny hanoa ny lalàn'Andriamanitra izy, no sady tsy hainy rahateo izany. Vokany, manatanteraka ny sitrapon'io toetra ratsy ao anatin'ny io ny olona, satria zanaky ny fahatezerana izy: « *Fa miharihary ny asan'ny nofo dia izao: fijan-gajangana, fahalotoana, fijejojejoana, fanompoan-tsampy, fanaovana ody ratsy, fandrafiana, fifandirana, adilahy, fiafonafonana, fifampian-daniana, fisarahana, fitokoana, fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany* »²⁰.

19.1 Timoty 3. 16 • 20. Galatiana 5. 19-21

Sehatra telo tena akaiky ny olombelona no indray voafaokan'ireo karazam-pahotana voatanisa ireo, ary mandoto ny fanahy sy ny saina ary ny vatana :

– ny sehatry ny fivavahana: fanompoantsampy sy fanaovana ody. Loza mitatao ny fanaovana ireo fahotana roa ireo satria mahakasika an'Andriamanitra, izany hoe fanotana mivantana amin'Andriamanitra.

– ny sehatry ny vatana: fijangajangana, fahalotoana, fieremana (fitiavan-karena), ny fimamoana mbamin'ny filalaovan-dratsy (na ny fihinanam-be tafahoatra). Ny vatana indray eto no very hasina tanteraka.

– ny sehatry ny fiarahamonina: fandrafiana, fifandirana, adilahy, fiafonafonana, fifampian-daniana, fisarahana, fitokoana, fialonana, vonoana olona. Ny saina indray kosa no voakasika eto.

Ndeha àry hiarahantsika mijery indray izao ny fifandraisan'i Kristy sy ny nofo (na ny ota).

Nanambara i Jaona, raha nilaza ny amin'i Jesoa izy, fa: « *tsy mba misy ota ao aminy* »²¹. Tsy mba nanana ny ota tao aminy ny Tompo Jesoa. Tsy tao anatin'ny herin'ny ota. Tsy mba nialotra an'ilay toetra lavo nolovaintsika tamin'ny alalan'ny

21. 1 Jaona 3. 5

fahaterahana ara-nofy Izy. Ho azontsika kokoa amin'izay angamba izao ilay andinin-tSoratra Masina manao hoe : « *Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy koa isika* »²². Aoka hotsarovantsika koa fa tsy mba toy ny an'ny olombelona rehetra ny fomba nahaterahan'i Jesoa, fa : « *Rehefa nanaiky i Maria renin'i Jesoa ho fofombadin'i Josefa, raha tsy mbola nivady izy, dia hita fa nitoe-jaza avy amin'ny Fanahy Masina izy* »²³.

Fanamarihana : Ny antony ilàna ny fahaterahambaovao

Ao anatintsika marina tokoa ny ota, eny fa na maharary antsika aza ny hiaiky izany fahamarinana izany. Rehefa misaintsaina an'io toerana misy antsika eo imason'Andriamanitra io mantsy isika, izany hoe ilay maha mpanota antsika, dia mibahana ao an-tsaintsika avy hatrany ny fiheverana ny atao hoe ratsy sy tsara mbamin'ny mandrakizay. Ampy hamoha an'io fahatsapana ny fisian'ny ota ao anaty io anefa ny fiaikentsika ho latsaka anatin'ny lavaka mangitsokitsoky ny fahaverezam-panantenana lalina, na ho efa am-bavahaonan'ny

22. Korintiana 5. 21 • 23. Matio 1. 18

fahafatesana. Hampiharihary ny filàntsika ny fanaovana ny dingana hifandraisana amin' Andriamanitra izany. Saingy indrisy, malaky loatra ny fitsarantsika ny tenantsika ho efa maty noho ny fahadisoantsika sy ny helotsika. Toa milaza amintsika ny toe-tsaina sy ny toe-panahy mahonena misy antsika, fa tsy ho tanteraka amintsika na oviana na oviana ny hiara-hiaina amin'Andriamanitra izay Masina.

Tsy nitsahatra mihitsy niasa sy nandresy lahatra ny olona ny amin'ny fahotana ny Fanahy Masina, hatramin'ny andron'ny pentekôsitra. Saingy hajambain'ny avonavom-pony ny olombelona, matetika. Mihevitra izy fa tsy mila manao tatitra ny amin'izay nataony na amin'iza na amin'iza, hany ka milofo fatratra amin'ny fanakanana ny asan'ny Fanahy Masina! Tian'Andriamanitra anefa ny olombelona, izay voary noariny. Noporofoiny izany fitiavany izany tamin'ny nanomezany ho antsika ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay; ny Zanak' Andriamanitra izay « *natolotra noho ny fahadisoantsika ka natsangana indray ho fanamarinana antsika* »²⁴. Tao amin'ny fahafatesan'i Jesoa sy ny fitsanganany tamin'ny maty

24. Romana 4. 25

no nampitambaran'Andriamanitra ny fitiavandalina tao aminy sy ny fahamarinany tsy misy tsiny.

Tsy maintsy tanteraka ny fahamarinan'Andriamanitra. Neken'ny Tompo Jesoa ny handray an-tsitrapo ny toeran'ny olo-meloka ary: « *Nataon'i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra* »²⁵. Ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty no porofo velon'ny fankasitrahan'Andriamanitra ny fanatitra nataony. Tamin'ny alalan'io asa nataon'i Kristy io no namahana ny olan'ny ota teo anatrehan'Andriamanitra. Lavarary tokoa mantsy io asa fisoloam-boina nataon'i Kristy ho antsika io. Afaka ny hamela ny olo-meloka Andriamanitra ankehitriny, ary antsoina isika mba hanana: « *fahatokiana hiditra ao amin'ny fitoerana masina noho ny ran'i Jesoa, amin'izay lalana natokany ho antsika, dia lalana vaovao sady velona, namaky teo amin'ny efitra lamba dia ny nofony* »²⁶.

Aoka ary hanova famindra. Aoka hanova ny foto-keviny sy ny fisainana raiki-tampisaka ao anatin'ny mikasika ny ota ireo rehetra tsy mbola namitram-pihavanana tamin'Andriamanitra. Aoka hiroso ho amin'izany ireo rehetra manaiky marina tokoa fa meloka, ary mahatsapa ao

25. Isaia 53. 6 • 26. Hebreo 10. 19-20

amin'ny fieritreretany fa tena mpanota. Aoka ho fantany fa Andriamanitra no nanotany voalohany indrindra, ary manana olana Aminy izy vokatr'izany. Izany indrindra no antony ilàny maika dia maika ny fitodihana amin' Andriamanitra, omban'ny fibabohana amimpanetren-tena an'ireo fahadisoany.

Rehefa tonga amin'ny fiaiken-keloka ny olona, fiaikena izay atosiky ny zava-misy marina any anatin'ny lalina any; rehefa miaiky amin'ny alalan'ny finoana ny mpanota fa Zanak' Andriamanitra i Jesoa, ary Izy no hany Mpamonjy tokana, izay maty sy nitsangana tamin'ny maty hisolo vaika ny fahotany; raha mihodina manao todika ivoho ny lalan-dratsiny taloha izy ka mizotra ho amin'ny lalan'ny fahazavana, mitodika amin'Andriamanitra; raha nataony tam-pisainana sy tan-tsitrapo izany, dia handray ny famelan-keloka marina tokoa izy. « *Manana ny fiainana mandrakizay (izy) ka tsy hohelohina, fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy* »²⁷. Hateraka indray izy amin'izay fotoana izay.

27. Jaona 5. 24

2. Ny toetra vaovao, vokatry ny fahateraham-baovao

Asan'Andriamanitra ny fahateraham-baovao. Ny hamokarana fiainana vaovao ao anatintsika no tanjon'ny fahateraham-baovao, dia fiainana izay andraisantsika anjara amin'ny fitafiana an'ireo toetran'Andriamanitra. Koa satria naterak' Andriamanitra isika dia omeny toetra vaovao, izay tsy hafa fa ny toetrany.

Ahoana no iantsoan'ny Soratra Masina an'io toetra vaovao io?

Antsoin'i Paoly hoe toetra vaovao izy, na olona vaovao, ao amin'ny Efesiana 4. 24

Antsoiny hoe toetra anaty izy ao amin'ny Romana 7. 22

Antsoin'i Petera hoe fomban'Andriamanitra izy ao amin'ny 2 Petera 1. 4

3. NY FIFANDONAN'IREO TOETRA ROA SY NY FAHAKIVIAN'NY FANAHY

Nambarantsika teo ambony fa ny fitafian'ny kristiana toetra vaovao no vokatry ny fahateraham-baovao eo noho eo. Lo tanteraka ary tsy azo havaozina intsony ilay toetra teo aloha. Nomelohin'Andriamanitra sy natolony ho amin'ny fahafatesana izany: « *Ny toetsika taloha dia niaraka nohomboana taminy hanimbana ny tenan'ny ota, mba tsy hanompoantsika ny ota intsony* »²⁸. Mampalahelo ny mahita ny sasany miezaka ny hamafa ao an'eritreriny an'io efa naha voahombo azy io, ka mitady ny hiverina hiaina indray amin'ilay toetra taloha. Katsahiny ny hanatsaratsara izany. Ho zava-poana ihany anefa io ezaka ataony io, satria tsy hahay hamoa voa tsara mendrika ny fibebahana na oviana na oviana ilay toetra taloha. Tsy hahay hamoa voa mendrika ny fahamasinana izy, no sady tsy ho azo ampianarina an'izany satria: « *ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra, fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany* »²⁹. Tsy ho azo atao na oviana na oviana ny hiresaka fanamasinana,

28. Romana 6. 6 • 29. 1 Korintiana 2. 14

raha amin'io toetra lavo sy efa ratsy hatrany ifotony io. Mbola ho ao anatintsika ihany anefa izy io, mandritra ny androm-piainantsika mandalo ety an-tany.

Ary: « *ny nofo manohitra ny Fanahy, ary ny Fanahy manohitra ny nofo, ary mifanohitra izy roroa mba tsy hahafahanareo manao izay zavatra tianareo* »³⁰.

Ho gaga ihany ireo kristiana niroso vao haingana tamin'ny dingan'ny finoana, amin'ny fahatsapana fa toa tsy nisy fiovana akory teo amin'ny nofo. Mitovy tsy misy hafa amin'ny an'ny tsy mpino ihany izany. Toa mandia izay diavin'ny olona rehetra ihany izy. Hitany mihatra eo amin'ny fiainany ny zavatra ambaran'ny apôstôly Paoly, dia i Paoly izay natao teo ambany lalàna mba hanao izay ankasitrahan'Andriamanitra, manao hoe: « *Koa hitako izao lalàna izao: raha ta hanao ny marina aho dia ato amiko ihany ny ratsy. Fa mankasitraka ny lalàn'Andriamanitra aho araka ny toetra anaty; nefa mahita lalàna hafa amin'ny momba ny tenako aho, miady amin'ny lalàn'ny saiko ka mamabo ahy ho an'ny lalàn'ny ota izay ao amin'ny momba ny tenako* »³¹.

30. Galatiana 5. 17 • 31. Romana 7. 21-23

Miahiahy ny amin'ny fiainany amin'ny maha kristiana azy izany olona izany. Ny mifanohitra amin'ny zavatra ekeny no vitany, zavatra tsy misy mandeha amin'ny laoniny. Eny fa na ao am-pony aza ny hanao ny tsara, izay ankasitrahana eo imason'Andriamanitra, dia miombom-peo amin'ny Romana 7 izy amin'ny fibabohana hoe: « *izay ataoko dia tsy fantatro, fa tsy izay sitrako no ataoko fa izay halako no nataoko... Fa fantatro fa tsy misy zavatra tsara mitoetra ato amiko, dia ato amin'ny nofoko, fa ato anatiko ihany ny fikasana, saingy ny hahatanteraka ny tsara no tsy ato. Fa tsy ny tsara izay sitrako no ataoko, fa ny ratsy izay tsy sitrako no ataoko* »³².

Ny toerana misy ny kristiana no asehon'izany teny izany amintsika. Te hiaina mifanaraka amin'izay ankasitrahan'Andriamanitra eo ambanin'ny lalàna izy, te hiaina fiainam-pahamasinana. Indrisy anefa, tsy efany izany! Tsapany fa mbola tsy voatohiny ihany ny ota, na efa nateraka indray aza izy. Fantany fa mbola misy firehana hanao ratsy ihany ao aminy, izay tsy mety voafehiny mihitsy, na efa kristiana aza izy. Andevon'ny ota sy ny filàn'ny nofo izy. Tsy manan-kery hanaovana ny tsara izy, na ao anatin'ny aza ny fitia te hanao izany. Ny

32. Romana 7. 15, 18-19

mifanohitra amin'izany indray aza no vitany: mangeja azy ny ota. Ho azontsika avy hatrany angamba ny mahatonga an'ity mpino ity hihiaka hoe: « *Indrisy olo-mahantra aho! Iza no hanafaka ahy amin'ny tenan'ity fahafatesana ity* »³³. Tsapany teo amin'ny zavatra nodiaviny fa mainka miha mahazo vahana ao anatin'ny herin'ny ota, rehefa eo ambanin'ny lalàna izy.

Hoy indrindra ny apôstôly manoloana izany: « *Tsy nahalala ny ota aho raha tsy tamin'ny lalàna, satria tsy fantatro akory ny fitsiriritana raha tsy tamin'ny lalàna nanao hoe « aza mitsiriritra »... Ary izaho dia velona tsy nanandalàna fahiny; fa rehefa tonga ny didy dia velona indray ny ota, ka dia maty aho. Ary ny didy izay natao hahazoana fiainana, dia hitako fa nahatonga fahafatesana tamiko kosa* »³⁴.

Matanjaka be izany ny ota rehefa eo ambanin'ny lalàna no isainana hiainana ny fiainam-pahamasinana. Aza hadinoina fa nomen' Andriamanitra ny lalàna: « *mba ho voatampina avokoa ny vava rehetra, ka hiharan'ny fitsaran' Andriamanitra izao tontolo izao* »³⁵, ary koa « *ny lalàna dia mpitaiza antsika ho amin'i Kristy, mba hohamarinina noho ny finoana isika. Fa rehefa tonga ny finoana dia tsy fehezin'izay mpitaiza*

33. Romana 7. 24 • **34.** Romana 7. 7, 9-10 • **35.** Romana 3. 19

intsony isika. Fa ianareo rehetra dia zanak' Andriamanitra amin'ny finoana an'i Kristy Jesoa »³⁶.

Mbola mitoetra ihany anefa ny lalàna. Avy amin'Andriamanitra ny lalàna, masina izy, sady tsara no marina. Saingy, tsy manampatra intsony ny heriny amin'ny kristiana ny lalàna satria: « *tsy ny olona marina no nanaovana ny lalàna fa ny mpandika lalàna sy ny maditra, dia ny tsy matahotra an'Andriamanitra sy ny mpanota, ny olona tsy manaja izay masina sy ny olona vetaveta, ny mpamono ray sy ny mpamono reny, ny mpamono olona, ny mpijangajanga, ny sodomita, ny mpangalatra olona, ny mpan-dainga, ny mpianian-tsy tò, ary na inona na inona manohitra ny fampianarana tsy misy kilema, araka ny filazantsaran'ny voninahitr' Andriamanitra finaritra »³⁷.*

36. Galatiana 3. 24-26 • **37.** 1 Timoty 1. 9-11

4. NY FANAFAHANA AMIN'NY OTA

Iray amin'ireo loza mitatao amin'ny tontolon'ny kristiana ankehitriny ny fialana lavitra ny fampianarana tsotra noraketin'ireo apôstôly sy ireo mpaminany an-tsoratra. Samy manao izay saim-pantany sy izay mahafaly ny fony ny tsirairay avy. Ankoatra izany, eo koa ny fampisarahana ny Tenin'Andriamanitra amin'ny finoana, sy ny fampisarahana an'ireo fampianarana fototra amin'ny fampiharana azy eo amin'ny andavanandrom-piainana. Ahoana moa no hitaomantsika ny kristiana vao niova fo hitondra tena amim-pahamasinana sy araka ny mety, raha tsy ampianarina azy aloha izay ambaran'ny Tenin'Andriamanitra mikasika izany?

Tsy afaka ny hiala amin'ny Tenin'Andriamanitra isika raha te hanana fiainana araka an'Andriamanitra. Ny mipetraka mba hianatra aloha no tokony hataon'ny kristiana, tahaka izay nataon'i Maria ka nilazan'i Jesoa taminy fa izy no efa nifidy ny anjara tsara izay tsy hoesorina aminy. Nahatsapa ny tena ilàna tokoa an'izany zavatra izany ny apôstôly Paoly, ka nilaza tamin'ireo Kolosiana nanao hoe: « *Tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo (aho), mba hofenoina fahalalana tsara ny sitrapony ianareo,*

amin'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina avy amin'ny Fanahy Masina, mba handehananareo mendrika ny Tompo, hanaovana ny sitrapony amin'ny zavatra rehetra, dia mahavokatra amin'ny asa tsara rehetra sady mitombo amin'ny fahalalana tsara an'Andriamanitra »³⁸.

Aorian'ny fahazoako tsara ny zavatra iray nampianarina ahy aho vao afaka ny hankatò izany. Ary ny fankatoavako izany no anaporofoko fa ekeko ny fahamarinan'ny zavatra nampianarina ahy: izany no antsoina hoe fiombonana, na firaisana feno. Fantaro fa efa nomen'Andriamanitra antsika avokoa izay rehetra tokony hilaintsika hahazoantsika miaina amim-pahamasinana ety an-tany.

Ry mpamaky, ny Tenin'Andriamanitra no fandrefesana ho antsika fa tsy izay mahadiavolana ny saintsika, na izay eken'ny hafa ho marina. Azo atao ny miseho ivelany ho tsara, ka hahazo sitraka eo imason'ny hafa. Hanohitra antsika kosa anefa ny Tenin'Andriamanitra ka hampihanjanja ny tena maha isika antsika. Afaka ny hitsofoka hatrany amin'izay farany lalina tsy ho hitan'ny mason'ny hafa na oviana na oviana ny Tenin'Andriamanitra. Tsy ilaina ny hidoka tena, satria ny Tenin'Andriamanitra no

38. Kolosiana 1. 9-10

mitsara antsika. Izay miloaka ny vavan' Andriamanitra no iaino raha te hahazo sitraka amin'Andriamanitra ianao. Ary efa voarakitra ao amin'ny Baiboly izay ankasitrahany. Diniho sy saintsaino fatratra izay ambaran'ny Baiboly. Ny tsirairay no samy tompon'andraikitra amin'ny tenany amin'izany zavatra izany, satria samy hampamoahin'Andriamanitra ny amin'izany ny isam-batan'olona, indray andro any.

Ndeha hotopazantsika maso kely izay nambaran'ny apôstôly Paoly tamin'ny Korintiana: « *Fa avy aminy no nanaovana anareo ho ao amin'i Kristy Jesoa, Izay nataon' Andriamanitra fahendrena sy fahamarinana sy fahamasinana ary fanavotana ho antsika, mba ho araka ny voasoratra hoe: 'Izay mirehareha aoka Jehovah no ho reharethany'*»³⁹. Mandrava ny fieboeboantsika rehetra izany fanambaràna ataon'ny apôstôly izany. Eto no ahatsapantsika fa tsy mahavita manamasina samirery ny tenantsika isika. I Jesoa no natao ho fahamasinantsika. Izany no notanterahin'i Jesoa ho antsika tamin'ny alalan'ilay asa nataony teo amin'ny hazofijaliana. Izany fahamarinana izany no tsy maintsy hazonin'ny finoako sy hifikirany tsara, omban'ny fiandrandrana fa hitombo amin-

39. 1 Korintiana 1. 30-31

kery ato anatiko ny fampiharana an'asa an'izay mifanaraka amin'izany, eo amin'ny fiainako manontolo.

Anterina etoana fa tsy mahay manota ilay toetra vaovao nomena antsika, no sady tsy hitarika antsika ho amin'ny ota na oviana na oviana. Ny voan'ny fahamasinana no entiny. Ny hampiana feno azy, tsy sembantsemanin'ny asan'ny nofo, no hany katsahiny. Tsy tarihin'ny lalàna izy fa manatanteraka ny lalàna kosa. Rehefa milaza ny lalàna hoe: «Aza mamono olona », dia tsy misy fisalasalana mihitsy ao amin'ilay toetra vaovao, satria tsy ao aminy rahateo ny fisainana hamono olona. Ny hanao izay ankasitrahan'Andriamanitra no tena fifaliana ho azy.

Tsy niteniteny foana akory i Jesoa, raha nilaza ny hoe «Vita » teo amin'ny hazofijaliana. Mila mandroso amin'ny fahalalana misimisy kokoa hatrany ny amin'izay nataon'i Kristy ho antsika isika. Matoa tojo fahasahiranam-be ilay lehilahy hitantsika tao amin'ny Romana 7 dia satria nohadinoiny, na tsy azony tsara, fa tsy vitan'ny hoe tonga lafatra ihany ny asa nataon'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana fa tena ampy tanteraka koa. Tsy ny amin'Andriamanitra no nahamaika azy fa ny amin'ny tenany. Te hanao izay ankasitrahana eo imason'Andriamanitra

tamin'ny fomba noheverin'ny tenany ihany izy. Te hiasa ho an'Andriamanitra araka izay heverin'ny sainy ho mety izy. Ny tenany no ivon'ny zavatra rehetra nataony. Ho voamaritsika izany rehefa isaintsika ny fiverimberenan'ny hoe « aho », « -ko », « ahy », ao amin'io Romana 7 io.

Fanamasinana tanteraka no natolotr'i Jesoa ho antsika tamin'ny alalan'ny fihantonany teo amin'ny hazofijaliana. Matoa afaka nisaotra an'Andriamanitra noho ny amin'i Jesoa Kristy io lehilahy io taty aoriana kely, dia satria afaka tamin'ny ota izy. Tsy maintsy notarihin' Andriamanitra hanatona ny hazofijaliana io olona kivy sy tsy manam-panantenana io, mba hahatanteraka izany fanafahana azy izany. Teo no nahitany fa: « *Izay tsy nahalala ota (i Jesoa) dia efa nataony (Andriamanitra) ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan' Andriamanitra ao aminy koa isika* »⁴⁰. Tsinjony fa nalamin'i Jesoa ny olan'ny ota, tamin'ny nizakany ny fahatezeran'Andriamanitra noho ny ota. Ny tenany mihitsy no natao ho tonga ota. Ankoatra izany, nazavain'Andriamanitra taminy fa nisolo vaika ny ankalana i Jesoa. Izy no nitondra ny otantsika, ary ny rany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra. Tonga azy koa

40. 2 Korintiana 5. 21

ankehitryny ny fahamarinana sy ny fahamasinan'i Jesoa.

Tsy nahatanteraka ny asa nankinina taminy ilay lehilahy voalohany, dia i Adama. Toetra voaloto no nolovaintsika hatramin'ny fahaterahantsika ara-nofo. Tsy mahay manoa ny lalàn'Andriamanitra io toetra ratsy io.

Ilay lehilahy faharoa kosa, i Jesoa, izay avy any an-danitra, nanetry tena hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana teo amin'ny hazofijaliana. Vokany: « *nampiraisina taminy tamin'ny endriky ny fahafatesany isika... ny toetsika taloha dia niaraka nohomboana taminy hanimbana ny tenan'ny ota, mba tsy hanompoantsika ny ota intsony* »⁴¹.

Hitan'ny mason'ny finoana fa tsy maty ho antsika ihany ny Tompo Jesoa, fa maty niaraka taminy ihany koa isika. Izany hoe, indro fa voahombo niaraka tamin'i Kristy ilay maha olona taloha tiantsika hialana fatratra. Izany no nilazan'i Paoly tamin'ireo Galatiana hoe: « *Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazofijaliana aho* »⁴². Rediredy ihany raha izay hoe hiady amin'ny ota. Tsy hanavao mihitsy koa an'io toetra taloha io, izay manohitra Azy mandrakariva, Andriamanitra. Melohin'

41. Romana 6. 5-6 • 42. Galatiana 2. 20

Andriamanitra izy. Izany no ilazan'ny Soratra Masina manao hoe: « *Andriamanitra... naniraka ny Zanany, naka ny endriky ny nofo ota sy ny amin'ny ota, ka nanameloka ny ota tao amin'ny nofo* »⁴³. Milaza koa ny apôstôly Paoly fa: « *izay efa maty dia afaka amin'ny ota* »⁴⁴. Ry mpino malala, iza moa no tena kendren'ny fahavalo ao anatin'ny ady mafotaka? Ny maty sa ny velona? Mazava fa ny velona no kendreny. Izany no antony mbola ilazan'ny apôstôly Paoly ihany manao hoe: « *Ny tenanareo dia ataovy ho efa maty ny amin'ny ota fa velona ho an' Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesoa* »⁴⁵.

Ahoana no nentin'i Paoly nanazava izany fahamarinana nambarany izany? Noraisiny ho ohatra ny fifandraisana misy eo amin'ny tompo sy ny mpanompo, araka ny hita ao amin'ny Romana 6. Ny kristiana no tondroina ho mpanompo eto (izany hoe olona efa nateraka indray); ary fehezin'ny ota, izay tompo mibaiko azy, izy. « *Ahoana no hialako amin'ity mpanao taingim-bozona ity?* » hoy ny fanontaniana apetrak'ilay mpanompo. Vahaolana, ny fahafatesana! Tsy ny fahafatesan'ilay mpanao taingim-bozona anefa, fa ny fahafatesany. Ny mahafinaritra amin'ity tantara ity dia ny

43. Romana 8. 3 • 44. Romana 6. 7 • 45. Romana 6. 11

fahatsapan'ilay mpanompo fa maty izy, noho izany tsy eo ambany fifehezan'ilay tompony, izay tsy hafa fa ny ota, intsony.

Fantany ihany koa, ankoatra izany, fa efa nalevina izy ary natsangana tamin'ny maty mba ho an'ny tompo hafa indray, ho an'ny Tompo Jesoa. Toy izany no ahitan'Andriamanitra antsika ankehitriny. Voasoratra hoe: « *Niara-nalevina tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao... Fa fony mpanompon'ny ota ianareo dia afaka tamin'ny fahamarinana. Inona ary no vokatra azonareo fahiny tamin'izay zavatra mahamenatra anareo ankehitriny? Fa fahafatesana no hiafaran'izany zavatra izany. Fa ankehitriny rehefa natao afaka tamin'ny ota ianareo ka efa tonga mpanompon'Andriamanitra, dia manana ny vokatrareo ho amin'ny fahamasinana, ary ny farany dia fiainana mandrakizay »⁴⁶.*

Marina tokoa fa mirona mankamin'ny fanaovana ny mifanohitra amin'izany fahamasinana izany mandrakariva ny fitondrantenantsika eo amin'ny andavanandrompiainantsika. Tsarovy anefa fa manaraka eny

46. Romana 6. 4, 20-22

foana koa ny fanamasinana. Mangataka antsika ny apôstôly Paoly, noho ny fiombonantsika amin'i Kristy, mba hihevitra ny tenantsika ho « *efa maty ny amin'ny ota fa velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesoa* »⁴⁷. Tanteraka ny fiombonantsika amin'i Kristy, hany ka mandeha ho azy koa ny fandraisantsika anjara amin'izay rehetra Azy. Mahafaly tokoa ny mahalala fa natao ho fanamasinana antsika i Kristy! Enga anie ka hiorim-paka ao anatintsika izany fahamarinana izany. Enga anie ny finoantsika ka hamelona izany, sy hitondra voa mifanaraka amin'izany! Voamarina izany fanamasinana antsika izany rehefa hita eo amin'ny fiainantsika andavanandro ny fampiharana azy. Tsarovy koa anefa fa ny Fanahy Masina no manampy antsika amin'izany, amin'ny alalan'ny Tenin' Andriamanitra.

Ankoatra izany, ny mpino dia: « *an' Andriamanitra Ray, amin'ny fanamasinan'ny Fanahy, ho amin'ny fanarahana sy ny famafazan'ny ran'i Jesoa Kristy* »⁴⁸. Miasa ao anatin'ny mpino ny Fanahy Masina mba hahatonga azy ho tsy manan-tsiny. Miara-dalana amin'izany ny fianteherana tanteraka amin'ny asa lavorary nataon'i Kristy teo amin'ny

47. Romana 6. 11 • 48. 1 Petera 1. 2

hazofijaliana, izay mahatonga antsika ho masina. Ao anatintsika ny Fanahy Masina ho porofon'ny vokatry ny asa nataon'i Kristy. Io Fanahy io koa no mbola mampahalala antsika ny toerana misy antsika ao amin'i Kristy. Manetsika ny hafanam-pontsika lzy mba hanao an'i Kristy ho ivon'ny harentsika: « *Fa izay itoeran'ny harenao dia ho any koa ny fona* »⁴⁹. Ny Fanahy Masina no manome hery an'ilay toetra vaovao hivelatra, ka hamoa an'ireo vokatry ny Fanahy: « *Fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamorampanahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemampanahy, fahononam-po, tsy misy lalàna manohitra izany* »⁵⁰.

Natokana tanteraka isika satria: « *fanatitra iray ihany no efa nahatanterahany ho mandrakizay izay olona hamasinina* »⁵¹. Izany no toerana misy antsika, ary tsy ilaina intsony ny hamerenana an'io asa efa vita io satria « *izany no nanamasinany antsika tamin'ny nanaterany ny tenan'i Jesoa Kristy indray mandeha* »⁵². Isika no mila mandroso hatrany amin'ny fahalalana an'io asa io. Tian'i Jesoa ho eo amin'izay misy Azy no hisy antsika. Nankahala Azy izao tontolo izao, nofantsihany teo amin'ny hazo tany ivelan'i

49. Matio 6. 21 • **50.** Galatiana 5. 22 • **51.** Hebreo 10. 14 • **52.** Hebreo 10. 10

Jerosalema Izy. Tsy mba naman'izao tontolo izao Izy; noho izany, tsy an'izao tontolo izao koa isika. Fantaro ankehitriny fa olona natokana isika. Nandray fanamasinana tanteraka isika tamin'ny alalan'ny finoana. Tonga masina eo anatrehan' Andriamanitra isika. Izany no toerana misy antsika ankehitriny. Saingy miandalana kosa ny fananantsika fiainam-pahamasinana. Ny Tenin' Andriamanitra no manan-kery hananantsika izany, araka ny teny nataon'ny Tompo hoe: « *Manamasina azy amin'ny fahamarinana, ny Teninao no fahamarinana* »⁵³.

Tsy maintsy mitozo amin'ny lalan'ny fahamasinana isika raha te hanana fiombonana amin'Andriamanitra. Avahan'ny Soratra Masina tsara ny amin'ilay fanamasinana efa azon'ny mpino zato isan-jato dieny ankehitriny, izany hoe ilay toerana misy azy eo imason'Andriamanitra ankehitriny – olo-marina -, sy ny fiainam-pahamasinana tokony hananany, izay hitomboany miandalana. Zavatra roa loha tsy tokony hafangarontsika ireo. Ny hizotra ho amin'ny fitoviana tanteraka amin'i Jesoa no tanjon'ny mpino. Mitaky ny hananantsika fahamasinana tanteraka izany, dia fahamasinana mahenika ny maha olona antsika manontolo: fanahy, saina,

53. Jaona 17. 17

vatana. « *Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo, ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fiavian'i Jesoa Kristy Tompontsika* »⁵⁴. Tonga fiainantsika mihitsy ny fiainan'i Kristy, fiainana izay azon'ny eny ivelany vakina. Amin'ny finoana no andraisana an'ilay fahamasinana eo imason'Andriamanitra, ary hita taratra eo amin'ny fiainantsika andavanandro kosa ny fitondrantsika tena mendrika an'izany toerana misy antsika izany.

54. 1 Tesaloniana 5. 23

FEHINY

«Ary rehefa afaka tamin'ny ota ianareo dia tonga mpanompon'ny fahamarinana »⁵⁵.

Ry mpino, manana tompo vaovao isika ankehitriny. Tompo malemy fanahy sady tsy miavona am-po, ary te hanafaka antsika. Tiany ho masina tahaka Azy isika, ka Izy mihitsy no nanao ny asa ho fanamasinana antsika. Ny fiantorahana amim-panetren-tena amin'ny hazofijaliana, izay toerana nanatanterahan'ilay Tompony vaovao ny asa ho azy, dia efa ampy hahavonjy an'ireo kristiana rehetra kivy noho ny fangejan'ny herin'ny ota ao anatiny.

Fantatrao ve fa raha te hamonjy olona iray latsaka an-drano dia avela aloha izy hanao izay fara heriny hamonjena ny ainy, ka rehefa hita fa tsy hahatohitra intsony izy vao vonjena? Ho sarotra amin'Andriamanitra ny hamonjy anao, raha mbola ianao ihany no mikiry hanohitra ny otanao. Rehefa mitony kosa ianao ka miantsoantso manao hoe: «Indrisy olomahantra aho!» dia tonga Andriamanitra mitondra ny famonjena amin'ny herin'ny fanafahana **izay tsy maintsy raisina amin'ny**

55. Romana 6. 18

finoana, toy ny nandraisantsika ny famonjena tamin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa ihany koa.

Ndeha hataontsika hoe nasiana zavamaniry karazany roa tao anaty tavoahangy iray fanaovana andrana. Ny zavamaniry A tsy velona raha tsy anaty ranomasina, ny zavamaniry B kosa velona amin'ny rano tsotra eny am-patsakana. Raha rano iray ihany no anondrahako an'ireo zavamaniry roa ireo, inona no hitranga? Ho faty ny iray rehefa afaka fotoana vitsivitsy. Raha ranomasina no anondrahako an'ireo zavamaniry roa karazana ireo, mazava ho azy fa tsy ho velona mihitsy ilay zavamaniry karazany B, tsy hamokatra izy. Hiroborobo kosa ilay zavamaniry karazany A.

Toy izany tsy misy hafa no mitranga amin'ny kristiana. Manana toetra roa karazana ao anaty vatana iray ihany isika. Toetra roa izay samy manana ny sakafo ilainy avy. Ny toetra voalohany dia ilay antsointsika hoe ny toetra taloha, izay nolovaina tamin'ny fahaterahana ara-nofa. Tsy mivelona afa-tsy amin'ny zavatra ny tany izy io, ary mitondra vokatra mitarika ho amin'ny fahafatesana. Mifanohitra aminy kosa ilay toetra faharoa, na ny toetra vaovao, izay noforonin' Andriamanitra tao anatintsika rehefa nandia ny fahateraham-baovao isika. Toetra mivelona amin'Andriamanitra izy io (ny zavatra ny lanitra),

ka mitondra ny fahamasinana ho voany. Hita taratra eo amin'ny tenanao ny fahamasinana rehefa fahananao araka ny tokony ho izy ilay toetra vaovao, ary tampenanao tsy hirona amin'ny zavatra ny tany ny nofo. Ho hitanao amin'izay fotoana izay fa hamirapiratra ilay toetra vaovao. Ho levona ny fihatsarambelatsihy fa ny fifaliana amin'ny fahatsapana ny fanatrehan'Andriamanitra no hanjaka. Ny fahatsapany indrindra ny maha zava-dehibe izany zavatra izany no nilazan'ny apôstôly Paoly tamin'ny Kolosiana nanao hoe: « *Katsaho ny zavatra any ambony any amin'ny itoeran'i Kristy izay mipetraka eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra. Saino ny zavatra any ambony fa tsy ny zavatra ety an-tany... fa efa narianareo ny toetra taloha mbamin'ny asany, ary efa notafinareo ny toetra vaovao, izay havaozina ho amin'ny fahalalana tsara, araka ny endrik'izay nahary azy* »⁵⁶.

Sitrak'Andriamanitra ny hanahafanao ny Tompo Jesoa, satria efa nofidiny rahateo hitovy endrika amin'ny Zanany isika. Tsy lavitra anao akory io sakafo mila amahanana an'ilay toetra vaovao io. Ao amin'i Jesoa Kristy no ahitana azy, dia i Kristy izay efa nilaza hoe: « *Izaho no*

56. Kolosiana 3.1-2, 9-10